

21 Juillet 2010

10 d'Ab 5770.

"Omeo anay anio ny hanina saha anay"

Ny tapany voalohany amin'ny vavaka nampianarin'i Jesosy dia mahakasika ny anarana, ny fanjakana ary ny sitrapon'Andriamanitra mba ho hamasinina anie ny Anarany, ho tonga anie ny fanjakany, hatao anie ny sitrapony. Raha nomen-tsika ny toerana voalohany teo amin'ny fiainan-tsika ny fanompoana an'Andriamanitra dia azon-tsika atao ny mangataka ampahatokiana Aminy mba hamaly izay zavatra ilain-tsika. Raha nandà tena sy manolo-tena ho an'i Kristy isika dia anisan'ny fianakavian'ny lanitra ka izay zavatra rehetra ao antranon'ny Ray dia fananan-tsika avokoa. Ny haren'Andriamanitra rehetra dia antsika na ny eto ami'ity tontolo ity na any amin'ilay tontolo ho avy. Ny fanompoan'ny anjely, ny fanomezan'ny Fanahy Masina, ny asan'ny mpanompony dia natao hikarakaràna antsika avokoa. Izao tontolo izao sy izay rehetra ao aminy dia antsika raha mitondra soa ho antsika izany. Ny fankahalàn'ny ratsy fanahy aza izay mahatonga fifehezan-tena ho antsika ho mendrika ny lanitra dia hivadika ho fitahiana ho antsika. "**Raha ao amin'i Kristy ianareo, ny zavatra rehetra dia anareo**". (1 Kor. 3 : 23) .

Kanefa tahaka ny toerana misy ny zaza izay tsy mbola nandray ny lova ny toerana misy antsika ary mbola tsy nomen'Andriamanitra ho tantanan-tsika ny zava-tsoa izay natokany ho antsika sao dia fitahin'i Satàna amin'ny fandrebirebeny isika tahaka ny namitahany ireo raiamandrenin-tsika tao amin'i sahan'i Edena. Nambenany tsy ho tratran'ny mpanimba izany mba ho antsika. Tahaka ny zaza dia mandray isan'andro izay ilaina andavan'andro isika. Omeo anay anio ny hanina izay saha anay isan'andro" izany no vavaka no tokony hataontsika isan'andro. Aza kivy raha tsy manana ny ampy ho an'ny ampitso isika. Hoy ny teny fampanantenany: "**Mitoera amin'ny tany ho fonenanao ary ny toky ho firaofan'ahitra**" Ary hoy Davida: "**Efa mba tanora ihany aho, ary efa antitra ankehitriny; Fa tsy mbola hitako mangataka hanina.**" Ilay Andriamanitra nandefa goaika hamahanana an'i Elia teo amin'ny riandranon'i Kerita dia tsy hanadino na dia iray aza amin'ireo zanany mpomba sy mahatoky Azy.

Izao no voasoratra ho an'ireo izay mandeha mahitsy: "**Homena azy ny mofony, ary tsy ho diso rano izy**". "**Tsy ho menatra izy amin'ny andro fahoriana, ary ho voky mandritra ny mosary**" "**Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?**" (Romana 8:32) Ilay iray izay nanaisotra ny ahiahy sy ny fieritreretana momba izao fiainana izao teo amin'ny reniny sy nanampy azy hanomana ny zavatra ilain'ilay fianakaviana tao nazareta dia miantra ny reny tsirairay avy eo amin'ny tolona ataony eo amin'ny fitadiavana sakafo ho an'ny zanany. Ilay onena ny vahoaka "satria nampahantrana ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry" (Matio 9:36) dia onena raha mahita ireo mahantra izay mijaly. Mitsotra eo amin'izy ireo ny tanany mba hitahy ka na tamin'ny vavaka nampianarina ny mpianany aza dia nampianatra Izy ny mba hahatsiarovan-tsika ny mahantra.

Raha miteny isika hoe: "**Omeo anay anio**" dia ho an'ny hafa koa izany vavaka izany ary miaiky isika fa tsy natokana ho antsika ireny akory ny soa raisintsika. Mampisambotra antsika Andriamanitra mba hahafahan-tsika manampy ny noana. Tamin'ny fahatsaràny dia nanomana zavatra hanalefahana ny fahorian'ny mahantra Izy. Ary hoy Izy: "**Raha manasa olona amin'ny sakafo antoandro na ny sakafo hariva ianao, dia aza ny sakaizanao, na ny rahalahinao, na ny havanao, na ny namanao manan-karena, no asainao, fandrao hanasa anao kosa ireo, ka dia ho voavaliny ianao. Fa raha manao fanasana ianao, dia asao ny malahelo, ny kilemaina, ny mandringa, ny jamba; dia ho sambatra ianao, satria tsy mba manan-kavaly ireo; fa hovaliana kosa ianao amin'ny fitsanganan'ny marina**" (Lioka 14: 12-14)

"**Ary Andriamanitra mahay mampitombo ny fahasovana rehetra aminareo, mba hanananareo ny onony rehetra mandrakariva amin'ny zavatra rehetra, ka hitombo amin'ny asa tsara rehetra;**" "**Izay mamafy kely, dia kely no hojinjany; fa izay mamafy be, dia be kosa no hojinjany.**" (2 Kor. 9:8,6)

Ny vavaka momba ny hanina isan'andro dia tsy mahakasika fotsiny ny sakafon'ny vatana. Ao anatiny koa ny ny sakafom-panahy ilainy amin'ny fiainana mandrakizay. Hoy Jesosy "**Aza miasa hahazo ny hanina mety ho levona, fa ny hanina izay maharitra ho fiainana mandrakizay, izay homen'ny Zanak'olona anareo;**" ary hy ihany Izy: "**raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy**" Ny Mpamonjy antsika no ilay mofon'aina. Rehefa manasa Azy ao amin'ny fanahin-tsika isika dia mihinana tokoa ilay mofo nidina avy any an-danitra.

Mandray an'i Kristy isika rehefa manaiky ny teniny ary ny Fanahy Masina dia nomena antsika hanampy amin'ny fahafantarana ny tiany ambara sy manaiky ny fahamarinana ao anatiny. Rehefa mamaky isan'andro ny Soratra Masina isika dia mivavaha mba asehon'Andriamanitra antsika ny fahamarinana manokana hampahery ny fanahin-tsika ilaina amin'io andro io.

Rehefa mampianatra antsika hangataka isan'andro izay ilain-tsika ho an'ny vatana na ho an'ny fanahin-tsika Andriamanitra dia manana fikasàna tsara: Iriny raha tsapa-tsika ny fiankinana amin'ny fanatrehany mandrakariva; mitady ny hisintona antsika ao amin'ny fiombonana Aminy Izy rehefa mivavaka sy mianatra ireo fahamarinana sarobidy sy lehibe ao amin'ny Teniny ary ho voky sy ho afaka hetaheta eo amin'ny riandranon'ny fiainana isika.

Ellen G. White *Heureux ceux qui...* p 104 - 106.

